


TORITENY - ALAHADY faha-25 TSOTRA - TAONA D



Tsy mahay manompo an'Andriamanitra sy ny harena ianareo".

Ry kristianina havana, efa manakaiky ny fankalazana ny famaranana ny dingana voalohany amin'ny Sinaody faha-7 atrehintsika eto amin'ny diosezy ka hararaotintsika hatrany ny fifampitrahofantsika isaky ny Alahady tahaka izao hiarahan'ny fianakaviana Eglizy kely mivavaka sy mandalina ny finoana fa indrindra moa amin'ny mandavantaona dia mitohy ny vakiteny ka manosika amin'ny fandalinam-pinoana hahatonga antsika ho EOV manorina Eglizy Tranon'Andriamanitra sy hahatonga antsika mpanorina tokoa araka ny lohahevity ny Sinaody Eglizy Olo velona velomin'ny Batemy miombona miara-dia mandray an-tanana irahina ho Tabernakla velona.

Tsy hadino koa ny vokatry ny sinaody iombonana ka mbola mandalina azy ihany koa isika mba hahatonga antsika hanao "depart vaovao" tokoa. Tsy miafina koa fa anatin'ny volam-pahasoavana isika dia ireo fanamasina natrehintsika teto anivon'ny diosezy

Vakiteny I: Am. 8, 4-7

Salamo : Sal. 112

Vakiteny II: 1 Tim. 2, 1-8

Evanjely : Lk. 16, 1-13

manambara fa velona isika EOV. Isaorantsika an'Andriamanitra ary manosika antsika hiroso na dia maro aza ny fahasahirana sy ny olana eo amin'ny fiainana fa indrindra miatrika ny fampidirana ny mpianatra.

Matoky isika fa Andriamanitra miara-dalana amintsika no Andriamanitsika ary isika samy isika miara-dalana ka hiroso hatrany hametraka an'izay toro-lalana ahafahantsika mametraka rafi-pivelomana handresentsika ny rafi-pahotana mangeja antsika mahatonga izao krizy izao.

Izany indrindra no tian'ireo Vakiteny asongadina amin'izao Alahady faha-25 mandavan-taona izao. Mampitodika antsika amin'ny fahaizana mampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro tokoa izy ireo ka ho tena EOV isika amin'ny fiainantsika, ho EOV MISIONERA Zary TABERNKLA VELONA MAMAFY FANENTANA SY FIADANANA HAHATONGA NY TENY HO MOFO ARY MOFO HO AINA HAHITAN'NY REHETRA FIVELARANA MARINA.

Mananatra antsika Andriamanitra hametraka tsara ny anjara toeran'ny harena amin'ny fiainantsika. Ilaina ny fandrosoana saingy fandrosoan'ny olona manontolo sy ny olon-drehetra no katsahina ka ny harena dia fitaovana entina manatanteraka izany ka noho izany tsy tanjona na oviana na oviana ny harena. Izany no fanoharana omen'i Jesoa antsika amin'ny Evanjely, hahitantsika ny tena anjara toeran'ny harena, ny fomba entintsika hikatsaka ny harena, ny fomba entintsika mampiasa ny harena eo amin'ny fiainana fa indrindra amin'ny maha-olona. Antsoin'Andriamanitra isika haniry ny tsara sy hifanatsara, haniry ny soa sy hifanao soa, hikatsaka ny soa iombonana hahitana ny tena fivelarana marina, fivelarana ny maha-olona manontolo sy ny olon-drehetra ka handresena ny rafi-pahotana izay mamatotra antsika. Tian'I Jesoa asongadina amin'io fanoharana io fa ilaina ny mametraka ny harena hanampy antsika hivelona bebe kokoa ny finoantsika fa tsy ho roboka anatin'ny fakam-panahin'ny fitiavan-karena ka zary izy indray no tomponia. Indrisy maro no roboka ao anatin'izany fakam-panahy izany ka manao ny harena ho Andriamanitra ho tomponia.

Izany koa no tian'i Amosy mpaminany hananarana ireo izay mampiasa ny fananany sy ny fahefany ary ny harenny hanapotehina sy hanilikilhana ny hafa. Hoy tokoa manko izy ao amin'ny vakiteny voalohany " *Mihainoa izao, ianareo mihinana ny mahanttra, sy mitady hamongotra ny mavomavo amin'ny tany, manao hoe: "Rahoviana no ho tapitra ny voaloham-bolana; mba hahazoantsika mivarotra vary; ary ny sabata mba hamohantsika ny tranom-bary, ka ny efa hakelezina; ny sikla hampitomboina; ny mizàna, hatao mandainga, hamitahaha. Dia hovidintsika vola ny fadiranovana, ary ny mahanttra, noho ny amin'ny kapa iray lomisy, sady hivarotantsika ny vary loha-kororoka?" Efa nianiana tamin'ny reharehan'i Jakôba ny Tompo nanao hoe: "Tsy hohadinoiko mandra-piavin'ny farany, izay rehetra nataon'izy ireo*". Raha mandinika ny zava-misy manodidina antsika na eto amin'ny firenentsika na eran'izao tontolo izao dia toa amin'izao mihitsy i Amosy Mpaminany no miteny. Raha mandinika isika dia impiry ny Papa, ny Eveka no mamerimberina mananatra antsika mba hitodika amin'ireo voahilikilika ny fiaraha-monina. Firy raha tsy hiresaka ny zaza fotsiny no tsy afaka miditra mianatra very zo eto amintsika.

Andriamanitra manan-karena amin'ny famindram-po ny Andriamanitsika hoy isika tamin'ny Alahady lasa teo, tsy lany izany famindram-po izany ary io no tian'i Jesoa ambara amintsika mandrakariva. Raha tiantsika ny hivelona ny finoantsika, ataontsika ahoana ny fampiasana ny harena, inona no anjaran'ny harena amin'ny fiainantsika andavanandro? Izany no fampianarana tian'ny tenin'Andriamanitra ampitaina amintsika amin'izao Alahady faha-25 izao, hoy isika teo am-

piandohana. Andeha ho dinihintsika ny fanoharana araka io fananarana nataon'I Amosy Mpaminany io.

Ny mahavariana araka io fanoharana io dia tsy misy anarana ilay mpanankarena eto ka azo lazaina sy azo raisina fa isika rehetra no voalaza eto satria samy manan-karena ao anantintsika ao isika na arapanahy, na ara-nofo na ara-tsaina. Indrisy noho io harena io na ny marimarina kokoa noho ny fitiavan-tena dia manilikilika ny hafa isika, noho ny fialonana ihany koa ary indrindra ny fiererteretantsika fa rehefa manana harena sy fahefana dia mahefa ny zava-drehetra dia zary manilikilika ny hafa. Tsara ihany koa mandinika avy aiza io harena heverintsika ho antsika io ? Indraindray tsy vokatry fitsembohantsika fa avy amin'ny fitapitaka sy risoriso araka ny voalazan' i Amosy Mpaminany. Tsara ihany koa ny manipika fa ny hafa dia tsy voatery olona fa hatramin'ny zava-boahary ary hitantsika ny vokatr'izany eo amin'ny fiovan'ny toetr'andro. Noho isika mandrora mitsilany amin'ny fitiavan-kely dia isika ihany no manapotika ny tontolo iainana, ny zava-boaary, amin'ny tsy fahaizantsika mampiasa ny harena, amin'ny fitrandrahana tsy an-drariny ireo harena na an-tanety na an-dranomasina.

Tadidintsika fa indrindra ireo mpianatra fa "Harena ny harena raha mamokatra ary mamokatra ho an'ny besinimaro". Izany no tian'io fanoharana io ambara amintsika amin'ny tapany voalohany, isika rehetra dia samy nomen'Andriamanitra harena fa harena ho entina mamokatra ary mamokatra ho an'ny besinimaro. Raha tsy izany dia ho tahaka llay voalaza ao amin'ny fanoharana isika ka rehefa tonga ny fotoana hanadihadian'Andriamanitra antsika mikasika ny harena dia tsy mahita havaly isika.

Ny fampianarana faharoa amin'io fanoharana io dia ilay fifanakalozan-kevitra na adihevitra nataon'ilay mpanankarena tamin'i Abrahama, hitantsika fa misy hafatra lehibe tiana ampitaina amin'io adihevitra io raha mikasika ny fiainan-ko avy. Arakaraky ny eritreretantsika ny fiainan-ko avy no tsy maintsy hamolavolantsika ny fiainantsika, hanaovantsika ny fiainantsika, hiatrehantsika ny fiainantsika. Raha fantantsika fa misy ny fiainan-ko avy dia tsy mahagaga raha miomana isika. Raha sanatria variana isika ka mihevitra fa tsy misy izany dia very amin'ny rendrarendra ka trop tard rehefa tonga ny fotoana. Noho izany aoka omanintsika ny hoavy araka ny voalazantsika matetika ihany koa hoe : "*niany ny ho avy fa tsy amaray*", "*anio ny hoavy fa tsy rahampitso*".

Nanararaotra ny harena teto an-tany ilay mpanankarena izay lazaintsika ho mety isika tsiraikiraiky ka tsy nieritreritra ny hoavy. Raha tiantsika ho feno fiadanana ny hoavintsika dia aoka ho ao anatin'ny fifanajana, fifanasoavana, fahamarinana, fitiavam-bavaka, ao anatin'ny fikatsahana ny soa iombonana, fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny, ao anatin'ny fihavanana marina ny fiainantsika dia ilay fihavanana sady kristianina no Malagasy.

Fampianarana miainga amin'ny adihevitra izay mifanaraka amin'ny foto-pampianarana averintsika matetika amin'ny tanora dia ny hoe "*niany ny hoavy fa tsy amaray*". Azontsika onogno tsara amin'izao ny anton'ny hanatanterahantsika ny Sinaody ametrahantsika rafitra hanomanantsika ny ho avy. Rafitra hanampy antsika handresy ny rafitra manangeja antsika, mamatotra. Rafitra hanampy antsika ho OLON-DEHIBE AMIN'NY FINOANA KA HAHATONGA ANTSIKA HO EGLIZY OLO

VELONA BATEMY MIOMBONA MIARA-DIA MANDRAY AN-TANANA KA ZARY TABERNAKLA VELONA MAMAFY FIADANANA SY FANANTENANA.

Ny fampianarana fahatelo dia ilay hafatra napetrak'i Abrahama : Aoka hihaino an'i Moizy sy ny mpaminany izy ireo izany hoe tsy maintsy hatsaraina ny fandraisantsika ny tenin'Andriamanitra, aoka horaisintsika tsara amin'ny fiainantsika ny tenin'Andriamanitra, ho fanilo manazava ny fiainantsika ny tenin'Andriamanitra. Aoka ho sakafio mamelona antsika ny tenin'Andriamanitra. Katolika aho ka mandalina ny finoako. Ny fandalinam-pinoana dia miainga amin'ny tenin'Andriamanitra, raha latsa-paka amintsika ny tenin'Andriamanitra dia miroso amin'ny sakramenta isika ary io no mamelona antsika ka hahaizantsika mampitraotra ny finoana amin'ny fiainana andavanandro. Mameno ny siny tokoa isika raha tanteratsika izany. IREO REHETRA IREO INDRINDRA NO KENDRENTSIKA AMIN'IZAO SINAODY IZAO KA HAHATONGA NY FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MIARA-MIVAVAKA SY MANDALINA FINOANA.

Antintraterin'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa izany voalazantsika izany. Mila mivavaka ho an'ny manam-pahefana isika mba ho feno fahendrena izy ireo ka hitarika antsika vahoaka hahay hampiasa ny haren'ity Nosy mamintsika ity izay malaza ho manan-karena tokoa ary izany tokoa fa indrisy "MAHANTRA OLON-KENDRY, izany hoe Olona marina. Izany no voalazan'I Amosy ary izany no ilaina hampandroso marina sy hitondra amin'ny fampandrosoana maharitra hahitantsika rehetra ny tena fivelarana, ny fivelarana ny olona manontolo sy ny olon-drehetra : "*Ny angatahiko voalohany indrindra, dia ny hanaovana fivavahana, fangatahana, fifonana, ary fisaorana ho an'ny olona rehetra, ho an'ny mpanjaka sy ho an'ny manam-pahefana rehetra, mba hiainantsika amimpadianana sy fandriam-pahalemana, amim-panajana an'Andriamanitra sy fahamaotonana tanteraka. Izany no tsara sy ankasitrahina eo imason'Andriamanitra Mpamony antsika, izay tia ny hahavonjy ny olona rehetra, sy ny hahatongavany amin'ny fahalalana ny marina*".

Ireo no toe-panahy efa fantantsika dia ny 5F izay entintsika mamelona ny EOV ka manorina ny ETA hahatonga antsika ho taranaka mpanorina ka hahatonga antsika ho mpamafy fanantenana sy fiadanana eo amin'ny fiainantsika andavanandro.

Ry Kristiainina havana, halaviro zay voalazan'I Amosy Mpaminany amin'ny vakiteny voalohany, aoka isika hiala amin'ny loza dia tsy inona fa ny fitiavam-bola ka mahatonga ny vola ho lasa andriamanitra. Io no manapotika ny fiainantsika ankehitriny, tsy apetrantsika amin'ny tena toerany ny vola fa lasa andriamanitra, izy no tompointsika, izy no lasa manambara izay ataontsika ka tsy mahagaga raha voilikilika ny hafa. Rehefa misy ny voailika dia tsy lavitra izay ny herisetra sy ny fanapotehana. Ilaina ny vola sy ny harena fa aoka ho harena hanasoavana ny hafa, vola amankarena hifanasoavantsika fa tsy hifanapotehantsika.

Araky ny fomba fiteny ny soa atao levenam-bola. Aoka hahay hanararaotra izao fiainantsika izao isika hahay hampiasa ny harena eo am-pelantanantsika ka entintsika hanasoavana ny hafa satria niany ny hoavy fa tsy amaray, tsy hanompo ny harena isika fa hanompo an'Andriamanitra. Raha manompo Andriamanitra isika dia hifanao soa sy hifanatsara ka hitondra antsika amin'ny tena fiadanana izay manomboka ety an-tany. Aoka ny fiainantsika tsy misy hantsana na oviana na oviana

ary aoka tsy hisy hantsana eo amin'ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Aoka isika hanao tetezana hiampitana fa tsy hanangana rindrina mampisaraka araky ny hafatry ny Papa François matetika fa indrindra amin'ny Ansikilika Fratelli Tutti, Olo Araiky Isika Jiaby. Aoka ho ao anatin'ny fifankatiavana no hampijoroantsika ny tetezana, hifanao soa ka mampita antsika amin'ny tena fiainana maha zanak'Andriamanitra antsika ka hanarina ny Tranobe lombonana izay tena robaka noho ny hetraketratsika Olombelona.

Ry Jesoa Tompo ô, mazava tokoa ny hafatra amin'izao Alahady faha-25 taona mandavantaona izao. Enga anie izahay tsy ho revon'ny fitadiavana ety ivelany fotsiny. Marina ilaina izany fa aoka ho vonona hitady mandrakariva ny tena fifankatiavana ka hifanao soa sy hikatsaka mandrakariva ny soa iombonana izahay. Enga anie ny fiainanay mba ho fiainana misy an'Andriamanitra tokoa izay anjakan'ny fifanasoavana anatin'ny fikatsahana mandrakariva ny soa iombonana. Aoka hosokafinay ny fonay fa indrindra amin'izao fotoana izay hamaranana ny Sinaody faha-7 eto amin'ny diosezy izao ka hahatonga Olon-dehibe amin'ny finoana ka EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY MIARA-DIA MIOMBONA MANDRAY AN-TANANA KA ZARY MISIONERA. Ho zary iraka tokoa izahay, hizara fiadanana, fanantenana eo amin'ny fiainanay andavanandro. Masina Maria Renin'ny Eglizy, ampio izahay mba hahay hampiasa izay harena omen'Andriamanitra anay hifanasoavana sy hifampitsimbinana. Md Josefa Ray Mpairo ny Eglizy erantany, mivawahà ho anay amin'izao dingana misy anay amin'ny fanatanterahana ny Sinaody izao fa tena mila ny Fahasoavan'Andriamanitra izahay hahafahanay miroso lalindalina kokoa. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson